2020

WORLD LEMUR FESTIVAL

Species Fact Sheets

MALAGASY VERSION

VARIKA

Anarana siantifika: *Eulemur collaris*

Io karazana varika dia somary kelikely ary anaty ala ihany no ahitana azy, mavitrika mandritra ny alina sy ny andro izy, mandeha amin'ny tany no ankamoran'ny fotoanany. Voankazo no tena foto-tsakafony fa mihinana ravinkazo sy bibikely ihany koa izy. 2 ka hatramin'ny 07 ny isan'izy ireo ao anaty vondrona fa indraindray mety mahita isa mihoatra ny 22 anaty ala mando!

Toetry ny fiarovana

Io varika dia anisan'ny ahiana ho lany tamingana na **Endangered** ao anatin'ny lisitra mena an'IUCN. Mihena hatrany ny isan'izy ireo ary mifanalavitra ireo vondrona.

Faritra Jeografika

Any Atsimo Atsinanan'i Madagasikara no misy azy any anaty ala kitroka misy vohitra. Ahitana vondrona vitsivitsy any Saint-Luce ary faritra arovana an'olon-tokana.

Tsindry

Ny tena tsindry mahazo azy ireo dia ny fahasimban'ny ala fonenany noho ireo tavy sy fanamboarana arina. Misy ihany koa ny fihazana sy ny fiompian'ny olona azy ireo. Ny fitrandrahana Illménite any anaty ala dia isan'ny tsindry ihany koa araka ny fahitan'ireo mpikaroka.

Mpikambana LCN MIASA MIARO NY : anisan'izany: GERP

Toerana ahitana azy: Andohahela National Park (Atsimo Atsinana, 40km miala an'Antananarivo ary 650km miala an'Antananarivo); Midongy du Sud National Park

TSIBAHAKA

Anarana siantifika: Propithecus coronatus

Ny Tsibahaka dia karazana varika somary kelikely, izay mavitrika mandritra ny andro ary miaina ny ankamaroan'ny fotoanany eny ambony hazo. Miaina anaty vondrona ahitana tsibahaka 2 hatramin'ny 8 izy ireo, ary tsikaritra fa mahery setra, indrindra rehefa miaro ny faritra fonenany! Ny sakafony kosa dia ireny ravin-kazo, tsiry ary voankazo mbola tsy masaka tsara ireny.

Toetry ny fiarovana azy

Ny Tsibahaka dia isan'ireo biby, eo mbavan'ny faharinganana na **Critically Endangered** ao amin'ny lisitra mena an'ny IUCN noho ireo isany izay mihena haingana dia haingana, sy ireo vondron'izy ireo izay hita manalavitra amin'ny vondrona hafa.

Faritra jeografika

Ity karazanà varika ity dia hita any amin'ny faritra Avaratra Andrefan'i Madagasikara, eny amin'ny ala mainan'ny lemaka, ary indraindray koa eny amin'ireo ala honko amorontsiraka. Noho izy ireo mizara ny toera-ponenany amin'ny Sifak'i Von der Decken (*Propithecus deckenii*), dia misy ny mpikaroka sasany no mihevitra fa ireo karazanà roa ireo dia mety hivady ka hamorona " hybrides " !

Tsindry

Ny tena tsindry mahazo ireo dia ny fahasimban' ny ala fonenany, indrindra noho ny fanaovana tavy mba ahafahana mahazo tany hambolena sy hiompiana, sy ny fanapahana hazo hamokarana arina. Misy koa ny Tsibahaka sasany no samborina velona ka amidy amin'ny tsenan'ny biby amin'ny fomba tsy ara-dalàna.

Mpikambana LCN MIASA MBA HIARO ny Tsibahaka misy an'ny: GERP, IMPACT Madagascar

Toerana ahitana azy: Katsepy (Avaratra andrefan'i Madagasikara, 10km miala any Mahajanga), Ankirihitra (region Boeny), Mandrava forest (region Betsiboka), Mahajeby forest (region Bongolava), and Dabolava (region Menabe).

SIMPONA, SIFAKA, SADABE

Anarana siantifika: *Propithecus diadema*

Ny Simpona, na Sifaka na Sadabe no karazana sifaka lehibe indrindra. Noho ny lokony mazava izay tena miavaka tokoa, dia sarotra ny manafangaro azy amin'ny varika hafa. Varika mavitrika mandritra ny andro izy ireo ary eny ambony hazo no tena ahitana azy. Miovaova isaky ny vaninandro ny sakafony, fa amin'ny ankapobeany dia voankazo, voa, voninkazo ary ravinkazo tanora no tena hoaniny. 2 katramin'ny 8 eo ny isan'ny Simpona miara miaina. Ny vavy no tena mitondra sy lohany ao amin'ny vondrony.

Toetry ny fiarovana

Ny Simpona dia isan'ireo biby eo ambavan'ny faharinganana na **Critically Endangered** ao amin'ny lisitra mena an'ny IUCN noho ireo isany izay mihena haingana dia haingana, sy ireo vondron'izy ireo izay hita manalavitra ny vondrona hafa.

Faritra jeografika

Mipetraka any amin'ny ala antsinanan'i Madagasikara ny Simpona. Eritreretina fa izy no tena karazana sifaka tena miparitaka indrindra na dia vitsy aza izy.

Tsindry

Ny tsindry mihatra amin'ireo Sifaka dia ny fahasimban'ny ala fonenany noho ny tavy, ny doro ala sy ny fanapahana hazo. Ireo Sifaka hita ao amin'ny faritra Tsinjoarivo koa dia nahitana fihenana ny isany noho ny famokarana toaka tsy ara-dalàna. Betsaka koa ireo izay ompian'ny mponina any an-tokatranony, izay mahatonga ny fihenany satria tsy afaka miteraka ireo.

Mpikambana LCN MIASA HO FIAROVANA ny Sifaka: anisan'izany: Madagasikara Voakajy, Sadabe, Madagascar Fauna & Flora Group, GERP, ary Association Mitsinjo.

Toerana ahitana azy: Andasibe National Park (150km miala an'Antananarivo)
Anjozorobe (100km miala an'Antananarivo), Marotandrano Special Reserve
Ambatovaky Special Reserve